



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Handinika amim-pirahalahiana miaraka amintsika Malagasy ny famerenana ny Iles Eparses ny frantsay, araka ny fangatahana ofisialy nataon'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina nandritra ny dinika nifanaovany tamin'ny filoha Emmanuel Macron androany 29 mey 2019 tolakandro tao amin'ny lapam-panjakana Elysée, Paris, nandritra ny fitsidihana ara-pomba ofisialy nataon'ny Filoha Andry Rajoelina any an-toerana. Tsy am-pisalasalana no nanaovan'ny Filoham-pirenena malagasy ny fangatahana ampahibemaso ny hamerenana ny Iles Eparses ho an'i Madagasikara ary hatsangana ny vaomiera iombonan'ny tany roa tonta na ny "Commission Mixte pour la gestion et la restitution des Iles Éparses à Madagascar" izay handinika sy handroso vahaolana mikasika izany. Ho setrin'izany dia nanambara ny Filoha Emmanuel Macron ary nanamafy izany teo anoloan'ny mpanao gazety fa vonona ny hifampiraharaha ny firenena Frantsay amin'ny famerenana ny Îles Eparses ary atao mialoha ny fankalazana ny faha 60 taona niverenan'ny fahaleovantenantsika izany. Nivohitra nandritra ny fihaonan'ny filoham-pirenena roa tonta tao amin'ny lapan'ny Elysée androany ihany koa ny fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'ny Frantsa sy Madagasikara eo amin'ny lafiny fandriam-pahalemana, ny fiarovana ny sisindranomasina, ny fampianarana, ny fambolena, ny fampiasana ny angovo azo havaozina sy ny fiarovana ny tontolo iainana.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana

29-05-2019